REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# FILAZANA

Mikasika ny fanitarana ny fe-potoana momba ny fitsirihana ara-ketra, ny fitarainana amin'ny fifanolanana sy ny fitondrana ny raharaha eny amin'ny COFI

**N° 113-2022 –MEF/SG/DGI**

Mba hanamaivanana ny andraikitr'ireo mpandoa hetra, ny Foibem-pitantanana ankapobe momba ny hetra dia manapaka sy manome alàlana manokana :

- fe-potoana sivy folo ***(90) andro*** manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana voalohany mba « handefasany ny fankatoavany na ireo fanamarihana avy aminy », momba ireo fomba arahina amin'ny fanamarinana ireo antontan-taratasy (CSP) na ny fitsirihana eny an-toerana (VSP).
- fe-potoana **roa (2) volana** manomboka ny nandraisana ny fampahafantarana raikitra miaraka amin'ny sora-pamerana sy ny fampahafantarana ny sora-pamerana ho an'ireo fitarainana amin'ny fifanolanana ;
- fe-potoana iray **(1)** ***volana*** manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana raikitra miaraka amin'ny sora-pamerana sy ny fampahafantarana izany, amin'ny fitondrana ny raharaha eny amin'ny Vaomiera ara-ketra ;

Ireo fepetra ireo dia mikasika manokana ireo fomba arahina amin'ny fanamarinana ireo antontan-taratasy (CSP) sy ny fitsirihana eny an-toerana (VSP) mahakasika ireo taom-piasana 2017 sy 2018 ary tsy misy fiantraikiny amin'ireo fitsirihana efa vita izay efa nandraisan'ireo mpandoa hetra fampahafantarana raikitra.

Ireo fepetra voalazan'ny Naoty laharana 1851 -2021-MEF/SG/DGI tamin'ny 17 desambra 2021 mikasika ny fe-potoana fanampiny ho an'ireo fitsirihana ara-ketra dia foana ho azy.

Antananarivo, faha 26 JAN 2022

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
*Inspecteur des Impôts*